# MOFONAINA 01 OKTOBRA 2024 – Efesiana 2:1-10

Mofonaina 01 Oktobra 2024

**Efe 2:1-10**

## 1 – NY BOKY

**11 – Fandraisan'anjaran'ny tsirairay:**
Toko 6, nosoratana tamin'ny taona 60-62 AD, Paoly no nanoratra. Epistilin'ny Fifatorana. Foto-kevitra lehibe: *Fihavanana*.

**12 – Fanampiny:**
(Jereo ny FMSM 240924)

**13 – Drafitry ny boky:**
(Jereo FMSM 240924)

---

## 2 – FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

21 – Ity teksta ity dia ao amin'ny fizarana milaza ny famonjen'Andriamanitra ny mpino tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Voasaraka eo amin'i Hazo Fijalian'i Kristy ny Fahinintsika mpino sy ny ankehitriny. Ny maha-mpanota sy ny maha-voavela heloka, ny fahafatesana sy ny fahavelomana, dia misongadina eto. Nilaina ny fampianarana ho fampahatsiarovana ny kristianina fa tsy mitovy amin'ireo mpiara-monina taminy intsony izy ireo.

22 – **RAKIBOLANA**
221 – Fahadisoana (**Efe 2:1**):
"Paraptomasiv" midika hoe fialana amin'ny fahamarinana, fialana amin'ny làlana, fianjerana, tsiny, tsy fahombiazana.

222 – Fahotana (**Efe 2:1**):
“Hamartia” midika hoe fahadisoana koa, fandikana ny sitrapon’Andriamanitra.

## 3 – IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN’NY TEKSTA

31 – Mpanota ny olona rehetra ary maty ara-panahy avokoa talohan’ny nahatongavany ho olona voavonjy (**Efe 2:1-3** + **Rom 3:23** + **Rom 6:23** + **Kol 2:13**).

32 – Asa efa tao am-pon’Andriamanitra ary tena nataony am-pitiavana ny famonjena (**Efe 2:4-5** + **Tit 3:5** + **Rom 5:8** + **Sal 103:8**).

33 – Manome ny mpino fiainana sy fahavelomana feno fanantenana amin’ny ho avy ny asam-pamonjen’i Kristy (**Efe 2:6-7** + **Kol 3:1** + **Rom 6:4-5**).

34 – Tsy azo vidina (Tandremo fa tsy azo amidy koa) ny famonjena, fa tena fanomezana avy amin’Andriamanitra (Tena tsy voavidy) (**Efe 2:8-9** + **Rom 11:6** + **Gal 2:16** + **2 Tim 1:9**).

35 – Tsy fanafahana amin’ny fahotana fotsiny ny famonjena, fa tena fananganana olona vaovao tompon’andraikitra tsy manao kitoatoa (**Efe 2:10** + **2 Kor 5:17** + **Jak 2:17** + **Fil 2:13**).

## 4 – FAMPIHARANA : AOKA

41 – Aoka ho fantatsika fa mpanota ny olona rehetra ka mila mibebaka, isan’izany na dia ny zazakely aza. (Afoizo ny zavatra manalavitra anao amin’Andriamanitra).

42 – Aoka hatoky tanteraka ny fitiavan’Andriamanitra isika. Ivelomy amin’ny finoana ny famonjena. Efa voavela heloka ianao. Tiavo sy avelao heloka koa ny hafa.

43 – Aoka hatoky koa isika fa efa tsara toerana miaraka amin’i Kristy ao amin’ny fanjakany, ary miara-misitraka aminy ny

haren'ny lanitra sy ny harem-pahasoavan'Andriamanitra. Asehoy amin'ny fiainana andavanandro fa olon'ny fanantenana ianao.

44 – Aoka tsy hiantehitra amin'izay asa sy ezaka ataontsika isika mba ho voavonjy. Mahaiza mankasitraka ny maimaim-poana nomen'Andriamanitra. Ny maimaim-poana mantsy no tena lafo.

45 – Aoka ataontsika ho laharam-pahamehana ny asa fanompoana ary ataovy mendrika sy maneho ny fahatsaran'Andriamanitra izany.